## FANAMABARANA MIKASIKA NY FAHAMAIKAN'NY FANDANIANA NY LALANA MOMBA NY FANAGIAZANA IREO FANANA AZO TAMIN'NY FOMBA TSY ARA-DALANA

Taratasy ho an'ny Andriamatoa Filoham-pirenena

Zoma 03 Mey 2019

Izahay fiarahamonimpirenena misehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly dia nametraka taratasy ho an'Andriamatoa filoha tamin'ny talata 30 Aprily, mba handaniany maika ny lalàna momba ny fanagiazana ny fanana azo tamin'ny fomba tsy ara-dalàna amin'ny alalàn'ny didy hitsy volana. Volavolan-dalàna izay efa teo anivon'ny Antenimieram-pirenena, 15 volana lasa izao fa nasiana fanemorana hatrany ny fandaniana azy. Lehibe anefa ny mety ho fiantraikany ratsy amin'ny tsy fandaniana io lalàna io ho an'ny firenena raha tsy ny amin'ny lazany fotsiny ihany. Efa nambaran'ny filoha hatrany ny fahavonony hiady amin'ny kolikoly, ka moa ve tsy fotoana handraisana fanapahan-kevitra mivaingana mba hanaporofoana izay izao?

**NY MAHAZAVADEHIBE ILAY LALANA:**

Tsy misy dikany ny ady amin'ny kolikoly raha tsy afaka giazana ireo fananana azo tamin'ny heloka. Ny famerana ny fisitrahan'ireo mpanao ratsy ny fananany no handresy lahatra sy hampitahoatra azy kokoa tsy hanao izany, nohon'ny sazy hafa. Ny fisian'io lalàna io no porofo mivaingana hiadina amin'ny tsy maty manota araka ny hevitry ny besinimaro sy ny mpamatsy vola.  Ny tsy fanagiazana ireo fananana azo tamin'ny heloka ireo dia mampihena ny fahatokisana ny ady atao rehetra amin'ny famotsiambola sy ny famatsiana ara-bola ny fampiorohoroana, satria mampitombo ny risika hisian'izany.

Io lalàna io dia tafiditra ao amin'ny paikadim-pirenena amin'ny ady amin'ny kolikoly ary mameno ny rafitra sy rindra efa misy eto Madagasikara. Hampitombo ny fahatokisan'ny vahoaka ny fitondrana ny fandaniana io lalàna io sy ny fanohizana ireo ezaka rehetra efa natomboka.

**NY VOKADRATSIN'NY TSY FANDANIANA SY NY FAHATARAN'NY FANDANIANA ILAY LALANA**

Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia tafiditra ao anatin'ny ireo firenena araha-maso akaiky i Madagasikara ary mety ho tafiditra ao anatin'ny 'liste grise". Mbola ho sarotra anefa ny hanala ny firenena ao anatin'izany raha sanatria tanteraka izany. Raha taraiky ny fandaniana io lalàna io dia hisy ny  fiantraikany ratsy eo amin'ny toekarem-pirenena. Tsy hahatoky intsony ny fivezivezen'ny vola avy aty Madagasikara ny tontolon'ny banky iraisam-pirenena ka hiteraka fisondrotan'ny vidim-piainana goavana izany ary hampiena ny fahefa-mividin'ny olom-pirenena izay efa miaina ao anaty fahantrana. Madagasikara raha teo dia miankin-doha amin'ny varotra sy ny fanafarana ny entana avy any ivelany.

**RAHA MISY NY TSY FIFANARAHANA, DIA SOKAFY NY FIAMPIRESAHANA**

Raha misy ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny andininy vitsivitsy raketin'ny volavolan-dalàna, moa ve tsy tokony hosokafana aingana ny fifampiresahana sy ny fifandresen-dahatra? Izany anefa dia tsy tokony hamafa sy hanova velively ny antom-pisian'ilay lalàna, **<u>tsy inona fa ny fanagiazana ny fananana azo tamin'ny fomba tsy ara-dalàna</u>**.

Momba ny fiheverena fa vola maloto ny fahazoam-panana mihoam-papana rehefa tsy mifanaraka amin'ny fidiram-bolan'ny olona iray dia teknika iray efa nankatoavin'ny  iraisam-pirenen. Amin'izay fotoana izay dia anjaran'ilay olona no manaporofo ny fiavian'ilay fananany. Raha olona marina ilay olona dia tsy tokony hanana olana amin'ny fanaporofoana izany

**TSY HIARO NY TAMBAZOTRA POLITIKAN'NY OLO MELOKA**

Efa nolavina in-telo teo anivon'ny antenimieram-pirenena ny fandaniana io lalàna io satria dia mikitikitika ny tombotsoa manokan'ireo mpanao kolikoly avo lenta tsy iza fa ireo mpanodikodina ny harem-pirenena na ara-voajanahary na hafa. Miantso ny Fahefana mpanatanteraka araka izany izahay mba hihoatra ny toe-java- misy ankehitriny ka ho tonga saina amin'ny fiantraikany ratsy na eo amin'ny lazan'ny firenena na ny risika ara-toekarena mety ho haterakin'ny tsy fandaniana io lalàna io. Tsy tokony hiara-hipetsapetsa amin'ny ireo mpanao ratsy sy ny tambazotrany izy ireo, kilalao ratsy izay miatraika amin'ny fiainam-pirenena.

**FIANTSOANA**

Noho ireo antony rehetra ireo, dia miantso ny filoham-pirenena izahay mba hampandany io lalàna io amin'ny fahefana izany hananany ankehitriny. Hanatanteraka ho as any fampanantenana izy amin'izay fotoana izay ka hanaporofo marina ny finiavany hiady amin'ny kolikoly sy ny tsy maty manota. Hitohy araka izany ny ezaka efa natomboka amin'ny ady amin'ny kolikoly.

IREO FIRAISAMONIMPIRENENA MIOMBONA AMIN'IZANY: ONG IVORARY, TI IM, ONG TOLOTSOA, MIEL, HETSIKA ROHY (PFNOSCM, ONG FELANA, ONG FIANTSO, AVG, OPTA, MSIS TATAO, CCOC)